Fikarakarana fifidianana 2

**Hahapotika ny firenena ny ahiahy mitoetra**

Ny Valosoa sy Hadihady 3

**Tsy mitsahatra manapotika firenena ny fitondrana Rajoelina**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 10 novambra 2022 Laharana 1365 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**COP 27** 3

Ny raharaham-bahiny sy ny rano no tokony ho any fa tsy ny minisitra Lalatiana

**Taksi moto** 2

## Mampianatra ny olona tsy hanara-dalàna i Hajo



**Tsy fandehanan-draharaha eto** 3

## Niteny ihany koa ny mpanakanto taorian'ny manam-pahaizana



**Mpanjono any Betania Morondava** 7

## Mitaraina noho ny ataon'ireo mpanjono sinoa tsy ara-dalàna



**Fifa World Cup Qatar 2022** 5

## Manana ny maha-izy azy ireo solontena Afrikana



**Zazalahikely maty voaolana** 6

Vazaha espaniôla 70 taona sy gasy 3 nidoboka am-ponja

**Mpanakanto Dedesse** 7

Nalevina any Ambohibory Anivorano Avaratra

**Daka kely**

Nataon'ny vazaha sy ny afrikana fihomehezana fotsiny ialahy tany amin'ny COP 27 ry Boaikely a !

JEUNE TIM DIEGO

# Hivory ao amin'ny TIKO Place Kabaro ny alahady ho avy izao

Anisan'ny mandray anjara amin'ny fanetsehana ny fototry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ny tanora, na ny Jeune TIM Diego any amin'ny faritra Diana. Mamelo-maso ny antoko ihany koa izy ireo, amin'izao volana maromaro mialohan'ny fifidianana ho filohampirenena ho avy eto amintsika izao. Ankoatra izany, manao asa sosialy sy fampandrosoana any amin'ny renivohitry ny faritra Diana ihany koa ireto tanora TIM any an-toerana ireto, toy ny fandraisana anjara tamin'ny fanadiovana tanàna, ny fambolen-kazo ho fiarovana ny tontolo iainana any an-toerana. Ho fanamafisana hatrany ny fifandraisana eo amin'ireo mpikambana, sy ho fiantsoana mpikambana vaovao, hivory ao amin'ny Tiko Place Kabaro any Antsiranana ny Jeune TIM Diego ny alahady tolakandro ho avy izao, hanomboka amin'ny 3 ora. Araka ny nambaran'ny mpikarakara, maro ny laha-dinika amin'izany, indrindra ny mahakasika ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny amin'izao fotoana, sy ny fampitana ny toromarika avy amin'ny antoko TIM foibe.



*Ny sasany amin'ireo mpitarika ny Jeune TIM Antsiranana.*

**Isambilo**

Raharaham-pirenena

# Fitondrana lany andro mamorona zavatra atao môdely

Tsy amin' izao fitondrana Rajoelina izao velively no fotoana hampisandratra an'i Madagasikara. Manaporofo izany ny fahitana ny fomba fiasany, na tamin'ny andron'ny tetezamita, na indrindra amin' izao izy eo amin'ny fitondrana efa efa-taona izao. Resaka fe resaka ka atao ny amin'ny drafitra fisandratan'i Madagasikara, fa io tsy vitan'ny vava sy kajikajy ambony latabatra miampy ny fanofinofisana fotsiny eo. "Apetraho amin'ny tany ny tongotra aloha", hoy ny profesora Jonah Ratsimbazafy, manam-pahaizana manokana ambony momba ny varika vao tsy ela izay. Misy ihany koa ny miteny ny olom-pirenena hafa hoe: ny tokonana tsy afaka ka ny rindrina no tadiavina hianihana. Efa lesona be izany ho an'ny fitondrana raha toa ka manan-tsofina entina mihaino ihany. Ny mampanahy ny olom-pirenena



*Ny lohany mihitsy no matsatso amin'ny fitondrana misy amin'izao fotoana.*

maro, dia amin'ny fahadisoana amin'ny zotran-dalana hitondrana ny firenena sy ny ho endrika hita, na ankehitriny na aoriana kely, raha araka ny tetikasan'ny fitondrana. Ho tsara ivelany fotsiny, fa ny ao anatiny hanahirana ny maso ny hahita azy. Mety hamirapiratra ivelany fotsiny, fa ny fiainan'ny sarambabem-bahoaka anaty haizina tanteraka. Ratsy tsotra izao izany sary izany ary tsy mendrika ny firenena sy vahoaka malagasy.

Efa ratsy laza ihany ny firenena noho ny fanapahan-kevitra sasantsasany, raisin'izao fitondrana izao hatrany tamin'ireo sehatra isan-karazany. Misy aza ny sasany ihomehezan'ny any ivelany indrindra ireo firenena afrikana. Anisan'izany ny filazana fa i Madagasikara hanao ho firenena môdely aty Afrika sy indrindra aty amin'ny ranomasimbe Indiana; hanondrana vary sy vokatra hafa, sns… Dia izao indray koa mamorona vaovao ka milaza ny amin'ny karibaona manga. Hatreto aloha tsy mbola nisy na iray aza tamin'ny nambara no tanteraka mazava niharihary sy nampiaiky ny firenen-drehetra maneran-tany, fa tena môdely amin'izany i Madagasikara. Moa tsy lasa henatra ho an'ny firenena ve izany? Ny hanahirana dia homen'ny olona toerana tsy mendrika azy intsony ny Malagasy any aoriana kely, sanatria ho very hasina, hihatsaram-belatsihy fotsiny noho ny lafiny diplômasia. Asa raha mitady amboara amin'ny famoronana sehatra atao môdely toy izany ihany koa izao fitondrana izao, toy ilay resaka indostria niteraka resa-be teto amin'ny firenena? Te hiseho hiavaka amin'ny rehetra kanefa toa ilaozan'ny rehetra lavitra amin'ny sehatra fampandrosoana, sy fanatsarana ny fiainam-bahoaka. Firifiry akory ny olam-bahoaka niainana ela izay, fa tsy hita izay fivahàny hatreto. Zavatra hafa hatrany no imokomokoana atao ho familian-dalana ny saim-bahoaka tsy hifantoka amin' ny fahoriana mianjady aminy.

**Sôh'son**

Taksi moto

# Mampianatra ny olona tsy hanara-dalàna i Hajo

Nitaingina taksi-moto omaly ny filohan'ny antoko MMM: Malagasy Miara-Miainga, Hajo Andrianainarivelo, izany fihetsika izany raha ny fahitan'ny maro azy dia tsy fanarahan-dalàna, satria tsy nanao aroloha izy, ny taksi- moto ihany koa dia azo lazaina ho mbola tsy tena ara-dalàna eo imason'ny rehetra, na efa nahazo fankatoavana tao anivon'ny filankevitry ny tanànan'Antananarivo aza. Nanambara ity mpanao politika ity tao amin' ny pejy facebook-ny, fa tsy maintsy nandeha izany taksi- moto izany ny tenany, satria tratra aoriana tamin'ny fotoana izay tokony ho vonjeny hono, ka tsy maintsy nandray an'ity



*Ny filohan'ny antoko MMM nitaingina taksi-moto.*

karazam-pitaterana ity, voalaza ihany koa fa kely loatra ny aro loha nomena azy, ka tsy tafiditra, izay no antony tsy nanaovany izany aroloha izany, izay tena tsy fanarahan-dalàna. Olona tokony ho fitaratra no mampianatra olona tsy hanara-dalàna. Misy aza moa ireo naneho hevitra momba izay fihetsika izay, fa tena tsy mendrika ity mpanao politika ity, mikasa ny hirotsaka ho fidiana ho filoham-pirenena, nefa mampianatra ny olona tsy hanaraka ny fepetra misy sahady. Midika koa izany, fa miray tendro tokoa ny ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina sy ny filohan'ny MMM Hajo Andrianainarivelo: ny ben'ny tanàna mankasitraka ny iasan'ny taksi moto eto Antananarivo, i Hajo koa nitaingina ity fitaterana kodiaran-droa ity, ka toa manamarina ny ahiahy nisy izany amin'ny fiarahan'izy ireo amin'ny sehatry ny politika.

**Stefa**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fikarakarana fifidianana

# Hahapotika ny firenena ny ahiahy mitoetra

Hiafara aiza ny ahiahy tsy ihavanana eo amin'ny fanomanana sy ny fikarakarana fifidianana ? Samy milaza sy maneho ny heviny sy ny fijeriny momba izany avokoa ny ankamaroan'ireo hery velona eto amin'ny firenena, indrindra ny avy amin'ny mpanohitra, ary eo ihany koa ny firaisamonim-pirenena. Nahariharin'izy ireo ny lesoka hatrany am-panombohana amin'ny fanomanana, ka nasongadiny ny eo amin'ny fanisana ny mpifidy isam-pokontany. Raha ny hita eny ifotony anefa hatreto, dia tsy misy ny ezaka na finiavana amin'ny fanovàna ny fomba fiasa amin'izany. Ny tsikaritra, miziriziry mitrifana miroso hatrany mankany amin'izay toe-javamisy be mpanakiana izay ny fitondrana, sy ireo rantsamangaika rehetra mifandray amin'izany fifidianana izany. Ny fikaonandoham-pirenena nanaovan'ireo avy amin'ny fanoherana sy ny firaisamonim-pirenena aza, zary antso an'efitra na niantefa tamin'ny bemarenina, ka tsy nasian'ny fitondrana vidiny. Inona no hiafaran'izany tsy firaharahiana ny hafa izany sy ny fiheverana mihitsy izany ho fitadiavan-tseza fotsiny ihany, raha ny fahitan'ny eo anivon'ny fitondrana azy ?

Ho an'ny mpandinika sy mpamakafaka, dia hampanahy ny hoavin'ny firenena manoloana izao zavamisy amin'ny fihetsiky ny fitondrana, sy ireo rantsamangaika samihafa mifandray amin'ny fifidianana izao. Tsy hahasoa ny firenena izao toe-javatra izao. Ho ankinina amin'iza ny tompon'andraikitra ? Tokony hipetraka mazava tsara ho voarakitra antsoratra ny olona miziriziry amin'ny heviny toy izao, fa tsy mba mihevitra ny hafa. Iaraha-mahalala tsara mantsy, fa ny nampandroso ny firenen-kafa maro samihafa nandalo olana, dia nisoroka ny tsy hiverenan'ny olana nitranga tao aminy ary samy nampirina ny hambopony avy ary nifanatona nidinika. Ohatra mivaingana amin'izany ny tao Rwanda, izay nisian'ny adim-poko faratampony kanefa efa nilaozany ela ny fototry ny disadisam-piarahamonina tao aminy. Vao nanome lesona ny firenena afrikana maro amin'ny firaisan-tsaina izay hahasoa ny firenena ny tao Côte d'Ivoire, fa zary volon-gisa tsy mandray rano izany aty Madagasikara. Midehaka anefa sy manao angoan-tenda ery fa ho hatao môdely ho an'i Afrika sy aty amin'ny ranomasimbe indiana ity firenena ity. Ny ahiana hitranga anefa dia hifanohitra amin'izay, fa na ny firenena izay nambara ho ampiana aza izao, ho ampindramina vola, handroso lavitra noho i Madagasikara. Efa manomboka miseho izany tato ho ato. Ka ilay fampandrosoana eto amin'ny firenena mandrorona be ihany, satria noho ny fitondrana miseho hahavita tena irery, ary manilika ny hafa indrindra ireo tsy mitovy hevitra na fijery aminy. Dia izao efa iainan'ny sarambabem-bahoaka amin'ny fahasahiranana sy fahantrana izao ny vokany, ary mbola hiha-mafy aza izany miditra amin'izao fiafaran'ny taona izao.

**Sôh'son**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
**Hanta R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy mitsahatra manapotika firenena ny fitondrana Rajoelina

Tsy mitsahatra ny manapotika ity Firenena ity ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana ity, nandritra izay efatra taona naha teo azy izay. Dimy taona teo amin'ny fitantanana ny tetezamita Rajoelina Andry dia potika daholo ny fotodrafitrasa nataon'ny filoha naongany Ravalomanana Marc, ny lalana vita tara efa ho iray alina kilometatra no tena nisongadina tamin'izany. Efa nezahina ny nampidirana an-tsekoly ny zanaka malagasy ary namporisihana tamin'ny famokaram-bary ny tantsaha, ka nisy ny fifaninanana natao namporisihana ny tantsaha bebe kokoa. Fito isan-jato ny fiakaran'ny harinkarena ny taona 2008. Amin'izao fotoana izao dia tsy manan-tsaina afa tsy ny fanapotehana ny fiainan'ny tantsaha Malagasy ny mpitondra, satria na "dam" (tohadrano) iray aza tsy nisy voatsangana ary etsy an-kilany dia manafatra vary avy any ivelany ny fitondrana, izay tsy azo lavina fa famelomana ny tantsaha any amin'ny firenen-kafa, fa manapotika ny eto an-toerana. Nisy ny orinasa Malagasy mpanafatra entana avy any ivelany kanefa dia nanangana ny SPM ny fitondrana izay manao izany, ka toy ny valala voatango ireo orinasa ireo, very fanahy mbola velona. Nopotehin'ny fitondrana Rajoelina tamin'izany koa ny fitsinjaram-pahefana, ka lasa olom-boatendry no nitantanana ny fokontany ary niova ho governora ny lehiben'ny faritra. Efa niharina kely ny sehatra ny toekarena satria niakatra 5,4 % ny tahan'ny harinkarena anatiny tamin'ny fifaranan'ny fepotoana nitondran-Rajaonarimampianina Hery. Maro ireo fifanarahana nanamboaran-dàlana, ka izay vita soa aman-tsara dia niravaka ny vanginy Rajoelina Andry tamin'ny nitokanana azy ireny. Efatra taona nitondrana ny filohan'ny Repoblika IV-2 dia tsy nisy afa tsy miiba 7, 2 isanjato sisa ny tahan'ny harinkarena faobe. Rehefa halalinina ny toe-draharaha eto amin'ny Firenena dia tsy misy afa tsy fanapotehana no hita sy tsapa. Potika tanteraka ny orinasam-pirenena Air Madagascar, ka voaroaka ny ankamaroan'ny mpiasa ary natsangana antsokosoko ny Madagascar Airlines izay tsy ara-dalàna ny fitsanganany eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Potehina ihanykoa ny orinasam-pirenena Jirama, ka mividy rianaratra amin'ny karana sisa no hany azony atao. Nirehitra ny masinina mpamorona rianaratra any Andekaleka dia nolazaina fa nisy nanao sabotazy, ka tsy hita hatramin'ity ny androany ny 400 MW ambonin'ny efa vokarina tao anatin'ny dimy taona. Ny orinasam-pirenena Secren mpanamboatra sambo ao Antsiranana dia efa ho herintaona no tsy nandray karama ny mpiasa, ka rehefa tratra izany tanjona izany dia nanaovana "appel d'offre" momba ny fitantanana azy amin'izao fotoana izao. Ankalazain'izao fitondrana izao ny fitadiavana ny fomba rehetra hanamaivanana ny fitohanan'ny fiara eto an-drenivohitra kanefa dia hanafatra "bus modernes" miisa arivo ry razeo. Midika izany fa ho potehina ireo taxi be eto an-drenivohitra, fa hiroborobo fatratra tokoa ny bizinesin'ny ao amin'ny fitondrana ao. Tsy azo lavina fa misy kopaka isasahana ity fanafarana "bus" ity, satria dia kopi Kole tamin'ny Fibata sy Fima tamin'ny fotoan'androny izao. Potehin'izao fitondrana izao ny orinasam-pirenena mpamokatra siramamy toy ny Sirama sy Siranala dia aleony manafatra izany any ivelany. Tsy naloa ny karaman'ireo orinasa nanamboatra làlana, satria lazaina fa mbola hanaovana fitsirihana (audit), hany ka potika avokoa ny làlampirenena rehetra dia hampidirina indray ny orinasa vahiny hanao ny làlana migodàna mampitohy ny Renivohitra amin'i Toamasina. Velomina ny orinasa avy any ivelany, fa potehina kosa ireo orinasa eto an-toerana, satria ao anatin'ny "business plan"-n'ny eo amin'ny fitondrana izany. Maty mosary ny vahoaka maro, tsy any amin'ny Faritra na any ambany ravinkazo ihany, fa hatraty an-tànan-dehibe koa. Ny eo amin'ny fitondrana anefa, etsy an-kilany, dia manao fety be sy mihinana hanim-pito loha isaky ny mihetsika. Manjaka ny tsy fandriampahalemana, ka manafika tanàna ny dahalo mangalatra ny biby fiompin'ny mponina. Manendaka sy manafika toeram-pivarotana ny jiolahy kanefa dia manana mpiaro: zandary, polisy, miaramila manao kortezy ny ao amin'ny fitondrana. Raha fintinina dia fanapotehana ny Malagasy sy ireo orinasa malagasy ary ny toekaren'ny Firenena izao fitondrana izao, hany ka marary tanteraka ity Nosy ity ary toa malemy tsy afa-manohitra ny mponina. Misy farany anefa ny zavatra rehetra ary misy ny manana ny herin-tsaina, ny fahaizana sy ny herijika ary ny fomba entina mitsabo izao valanaretina manapotika ny firenena izao.

***Andry Tsiavalona***

**TSY FANDEHANAN-DRAHARAHA ETO**

# Niteny ihany koa ny mpanakanto tao aorian'ny manam-pahaizana

Efa nambarantsika tamin'ny laharan'ny gazety Ny Valosoa Vaovao « farany teo, fa mampiteny ireo minia mangina mihitsy ny zava-misy eto amin'ny firenena amin' izao fotoana. Tao aorian'ny fanehoan-kevitr' ireo manam-pahaizana, momba ny tsy fetezan'ny fitantanan-draharaha ataon'izao fitondrana Rajoelina, nataon'ny Profesora Jonah Ratsimbazafy, sy ny Profesora Narison Stephan, naneho hevitra koa ny mapanakato Nina's. Ny azy indray dia mahakasika ny tsy fandriampahalemana miseho lany sy tsy voafehy eto amin'ny firenena, no nitondrany fanehoan-kevitra sy taratasy misokatra ho an'ny filoha Rajoelina : "trop loatra ity tsy fandriampahalemana eto Madagasikara ity, tsy misy dikany mihitsy ilay mamono olona. Fitaintainana lava no iainana, ny fahasahiranana etsy andaniny. Nefa tsy mba misy tohiny mihitsy ny niafaran'izay nahavanindoza... Zaza tsy manantsiny voaolana, halatra maso, fanendahana miaro famonoana, ny kere moa tsy lazaina intsony,... sns. Aoka isika ho mailo foana! Andriamatoa filoha a, mba hamafiso sy jereo akaiky re. Azafady, azafady. Ianareo sy ny mpanara- dia anao rehetra toa miaina finaritra ery anefa..."



*Ny mpanakanto Nina's.*

Tena mampiteny ny maona maritra ny zavamisy eto amintsika ankehitriny!

***Isambilo***

**facebook NY VALOSOA VAOVAO** Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

### COP 27
### Ny raharaham-bahiny sy ny rano no tokony ho any fa tsy ny minisitra Lalatiana

**Bruno Rabezandry:** inona no nitonantonanan'ny ministra Lalatiana tany amin'ny COP27, raha ny marina, ny ministry ny raharaham-bahiny sy ny ministry ny rano no tokony ho any, ankoatra ny ministry ny tontolo iainana sy ny ministry ny fambolena.
**Fernand Cello:** nanakiana ny ministra Lalatiana ny depiote Me Hanitra tao amin'ny Miara-Manonja, inona no tokony halehan'ny ministra raika iny any Egypte?
**Jess Rakoto :** mialona indray narrrrrreo, fa tsy anaty feuille de match ny Tonton firavaka Bolongany anareo ah aaaan!
**Hajanomena Razafindrabe :** CENDRILLON POLIOVOLANTE.
**Poussy Best :** tsy maintsy akôstena ny rahavavy am-panambadiana!
**Fernand Cello :** ah...
**Fidèle Rajean Pierre :** Poussy Best ianao a !
**Fidèle Rajean Pierre :** torana iny raha vao tsy arahina ny sitrapony.
**Royo Johnny Larissa Donald :** satria samy misy culture ihany ka na Agri/culture na Culture.
**Mike Blues :** Royo Johnny Larissa Donald : sady mis Cul daholo!
**Laingo Tiana :** za mahafantatra ny antony itondrany an'io fa aleko tsy miteny sa ode inana gagazo tsy vidina eo.
**Hanitra Sue :** fototeny ny agriculture kosa culture koa.
**Émile Rakotonoely :** mety EFA tao anatin'ny close de contratny ny hoe : tsy mahazo misaraka na andro na alina ary na ho aiza na ho aiza! Vita fato-maty re e!
**Tolojanahary Andrianiaina :** aza be fanakianana fa asehoy ze zava-bitanareo sady lay mijery anareo sy mihaino anareo indray izao no makaleo be fa tsy ny fitondrany!
**Tatie Hetfield :** ka Ilay ministere de la culture koa mety noeritreretiny hoe fambolena.
**Désiré Remahita :** Tatie Hetfield : Otran marina an!
Finaritra Zafihery: ny MAE moa zany dia tsy hita tableau mihitsy, sady mbola interim koa moa ny ao, ny rano koa mbola variana tamin'ny bolongam-bolamena e !
**Tinah Raharimalala :** nareo koa d misahirana, izy aza no Ministre tena tokony handeha kouh, izy anie Minisitry ny serasera e!
'ngah io misy vaovao mivoaka avy àny raha tsy eo izy!...
**Tahiana Randrianiaina :** nareo wa aza maka L @iny fa efa fombany io, ny tokony hatao izao d ny mba hitondrany ny vady aman-janany ihany koa fa efa kely sisa hinanany azy.

**TONONKALO**

## EFA VOLANA NO ISAINA...

Hatrizay nandeha an-jamba sady faly nihoerahoera ?
Nilomano tamin`ny bizina ary koa ny aferafera !
F`efa volana no isaina , hifarana ny taom-piasana,
Vao mba miomana hametraka irony drafi-panovana ?

Fa nandritry ny efa-taona dia nihinana , niletra.
Tsy nisaina kely akory hoe hatraiza moa no fetra ?
Efa volana no isaina, izay `nareo vao misahotaka.
Efa indreo manantontanona na grevy na ny rotaka !

Aiza irony vavabe raha vao nandromba-pahefana ?
"Efa vonona ny vola sy ny lalana hombana !".
Efa-taona aty aoriana, toy ny mbola mitsingevana.
E jereo ny firenena , tena am-pototry ny tevana !

Ny hadisoana moa, indrisy, tena raofina an-tsobika,
Noho `reo hagegena maro , tsy fahaizam-politika .
Mbetika no miova hevitra , toy ny zaza vao mamindra.
Fidedahana , aoka fotsiny , f`io no lehibe indrindra !

Ry mpitondra tapi-dalana , ampy izay fa mipetraha,
Satria mitombo hatrany ny olana nefa tena tsy voavaha.
Angamba tsy ny toa anareo no hanavotra ny Malagasy,
Ka ny mety, tsotra ihany , `ndeha ilaozy re ny lasy !

***TSIMIMALO (26-10-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

L.W.

**Ireo mpanakanto avy any Ambilobe faritra Diana, nanome voninahitra farany ny nofo mangatsiakan'i Dedesse tany Anivorano Avaratra omaly.**










**Tanora mpilalao baolina kitra sy rugby ao amin'ny Boriboritany faha-6, nampian'ny depiote Todisoa Andriamamampandry tanteraka ny fandehanan'izy ireo tany Sambava faritra Sava, tafaverina eto Antananarivo soa aman-tsara izy ireo.**









## NY TENY FIAINANA

*Ary miravoravoa amin'i Jehovah ianao, dia homeny anao izay irian'ny fonao.*

***Salamo 37 : 4***

**EKIPA VAOVAON'NY KARATÉ-DO MALAGASY**

# Hikarakara fifaninanam-pirenena voalohany



*Karaté-Do Malagasy.*

Hikarakara fifaninanam-pirenena voalohany amin'ny alakamisy 10 ka hatramin'ny alahady 13 novambra 2022 ho avy izao ny ekipa vaova mitantana ny Federasiôn'ny Karaté-Do Malagasy tarihandRatefinanahary Emile. Etsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano no hanatanterahana ny hetsika ka ny« Championnat de Madagascar 2022 » sy ny « Coupe Enfants 2022 » no ho tanterahana amin' izany. Hanana solontena amin'izany « Championnat » izany ny ligin'ny karaté 15 amin'ny 16 misy eto amintsika afa-tsy Alaotra Mangoro dia ao Analamanga, Boeny, Atsinanana, Analanjirofo, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony, Atsimo Atsinanana, Atsimo Andrefana, Androy, Ihorombe, Anosy, Vatovavy Fitovinany, Cosfa ary ny Cospn. Amin'ny roa andro voalohany (alakamisy 10 sy zoma 11 novambra 2022) dia ny « Stage technique natokana hoan' ireo "instructeurs" sy « Stage d'arbitrage » ary « Stage » natokana hoan' ireo coach no ho tanterahina. Amin'ny roa andro farany kosa (asabotsy 12 sy alahady 13 novambra 2022) no ho tanterahina ny fifaninanana "Championnat de Madagascar 2022" natokana hoan'ireo « Champions-n'ny ligy » sokajy « cadets » sy « juniors » ary « séniors » sy ny fifaninanana « Coupe Enfants 2022 » natokana hoan'ireo klioba rehetra sokajy « poussins », « pupilles », « benjamins » ary « minimes ».

***Rainilita***

**Fifa World Cup Qatar 2022**

# Manana ny maha-izy azy ireo solontena Afrikana



*Ny ekipam-pirenen'i Senegal hiatrika ny Fifa World Cup any Qatar, eo amin'ny baolina kitra.*

Manana ny maha izy azy avokoa ireo solontena Afrikana amin'ny Mondial 2022 eo amin'ny baolina kitra hatao any Qatar, na ny Fifa World Cup Qatar 2022. Anisan'ny tombanan'ny mpanara-baovao fa ho tafakatra amin'ny ¼-dalana i Senegal. Ampahafantarina anao androa- ny kosa ireo fandaharandalao amin'ny herinandro voalohany, amin'ity fiadiana ny ho tompondaka eran-tany 2022 amin'ny lalao baolina kitra ity (ora Malagasy). Alahady 20 novambra 2022 : - 21:00-Qatar # Equateur (A). Alatsinainy 21 novambra 2022 : -18:00-Angleterre # Iran (B), 21:00-Sénégal # Pays-Bas (A), 19:00-Etats-Unis # Pays de Galles. Talata 22 novambra 2022 : -15:00-Argentine # Arabie Saoudite (B), 18:00-Danemark # Tunisie (D), 21:00-Mexi-que # Pologne (C), 24:00-France # Australie (D). Alarobia 23 novambra 2022 : -15:00-Maroc # Croa- tie (F), 18:00-Allemagne # Japon (E), 21:00-Espa-gne # Costa Rica (E), 24:00-Belgique # Canada (F=). Alakamisy 24 novambra 2022 : -15:00-Suisse # Cameroun (G), 18:00-Uruguay # Corée du Sud (H), 21:00-Portugal # Ghana (H), 24:00-Brésil # Serbie (G). Zoma 25 novambra 2022 : -15:00-Pays de Galles # Iran (B), 18:00-Qatar # Sénégal (A), 21:00-Pays-Bas # Equateur (A), 24:00-Angleterre # Etats-Unis (B). Sabotsy 26 novambra 2022 : -15:00 -Tunisie # Australie (D), 18:00-Pologne # Arabie Saoudite (C), 21:00-France # Danemark (D), 24:00-Argentine # Mexi-que (C).

***Rainilita***

**UEFA Champion's League 2022/2023**

# Ac Milan sy Tottenham ary Psg sy Bayern no hanokatra azy



*Bayern vs Psg.*

Tontosa tany amin'ny foiben'ny UEFA any Nyon (Suisse) tamin'ny alatsinainy 07 novambra 2022 lasa teo ny antsapaky ny fifaninanana baolina kitra "UEFA Champion's League 2022/2023". Amin'ny talata 14 febroary sy amin' ny alarobia 15 febroary 2023 ho avy izao no hanatanterahana an'ireo lalao mandroso ary amin'ny talata 21 sy alarobia 22 febroary 2023 no hanaovana an'ireo lalao miverina. Lalao mandroso Talata 21 febroary 2023 : - Tottenham # Ac Milan, Psg # Bayern Alarobia 15 febroary 2023 : Club de Bruges # Benfica, Dortmund # Chelsea Talata 21 febroary 2023 : Liverpool # Real Madrid, Francfort # Napoli Alarobia 22 febroary 2023 : Leipzig # Man City, Inter # Porto Lalao miverina Talata 7 martsa 2023 : Benfica # Club de Bruges, Chelsea # Dortmund Alarobia 8 martsa 2023 : Tottenham # AC Milan, Bayern # Psg Talata 14 martsa 2023 : Man City # Leipzig, Porto # Inter Alarobia 15 martsa 2023 : Real Madrid # Liverpool, Napoli # Francfort.

***Rainilita***

Tournoi des Quartiers sy Tounoi de Boites

# Amin'ny alahady no hanaovana an'ireo famaranana rugby

Amin'ny alahady 13 novambra 2022 ho avy izao etsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka no hanatanerahana an'ireo lalao famaranana ny fifaninanana "Tournoi des Quartiers 2022" sy ny "Tounoi de Boites 2022" eo amin'ny taranja rugby izay hialohavan'ireo lalao "Match de défi" roa be izao. Fandaharandalao amin'ny alahady : "Match de défi" 09:00-Mang'Art # Ftba Andohatapenaka, 11:00-Us Ikopa Andohatapenaka # Ftat Anosibe. « Tournoi des Quartiers » 13:00- Uscar Commune # Cosfa Miaramila « Tounoi de Boites 2022 » 15:00-Ftm Manjakaray # Tfa Anatihazo.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Rambon'omby ritra** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly fitsaboana diabeta amin'ny voan'ny voatavo

Fomba natoraly fitsaboana diabeta indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Fitsaboana amin'ny alalan'ny tsirebika na voatavo masaka tsara.

Fomba fikarakarana azy :

Alaina ny voatavo teo dia sasana madio tsara ary esorina ireo voany. Rehefa vita izay dia mixer-na miaraka amin'ny rano 1 vera ireo voany miisa 10 ary tatavanina, izay vao azo ampiasaina.

Fomba fampiasana azy :

Sotroina indray vera isaky ny maraina. Adiny 2 na 3 ora alohan'ny sakafo.

Faharetan'ny traitement :

Mandritra ny 7 andro.

Fanamarihana :

Ilay voany no ampiasaina fa tsy ny nofony akory ary tsy voatery maina ny voany voatavo vao mety ampiasaina, fa na lena aza dia mety. Mazava ho azy, fa isaky ny hisotro dia manao vaovao hatrany.

Tsy asiana siramamy akory ilay jus voan'ny voatavo teo.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Andaingo any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Andaingo any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andaingo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 21 mandrafitra ny distrikan'i Moramanga. Azo lazaina ho efa avo toerana ity tanàna ity, satria 978 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any afovoan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Lalovan'ny lalamby MLA: Moramanga Lac Alaotra ny tanànan'Andaingo, lalovan'ny lalampirenena faha-44 ihany koa. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isankarazany toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga.






ZAZALAHIKELY MATY VOAOLANA TANY MORONDAVA

# Vazaha espaniôla 70 taona sy gasy 3 nidoboka am-ponja

Raharaha zazalahikely hita faty tao anaty piscine tany Morondava faritra Menabe, mpizahatany vazaha espaniôla iray sy gasy miisa 03 nosamborin'ny polisy, noho ny fanolanana sy famonoana ilay tovolahy kely 07 taona .Tsiahivina fa zazakely 07 taona iray no hita faty tao anaty "piscine", tamina hotely iray tao Morondava ny faran'ny herinandro teo. Rehefa nanao ny fanadihadiana ny polisy tany an-toerana dia fantatra, fa nisy nanimba ity zazalahikely ity ary nalefa tany anatin'ilay dobo filomasana ny fatiny hoentina ilazana fa nilentika ho azy tao izy. Rehefa nitohy ny fanadihadiana nataon' ny polisy dia fantatra fa vazaha iray 70 taona teratany "espagnol" no niaraka tamin'ilay tovolahikely nilalao tao anaty piscine ary samy tsy hita ny nalehan'izy ireo avy eo . Niray tsikombakomba tamin'ity vahiny ity ihany koa ny vehivavy tompona hotely, sy ilay mpiambina ilay dobo filomanosana ary ny tovolahy iray hafa izay fantatra fa samy nanafina ny fatin'ilay zazalahy kely. Nosamborina avy hatrany izy 04 ireto ary rehefa natolotra ny fampanoavana dia naiditra am-ponja vonjimaika ao amin'ny fonjan'i Morondava .



*Ireo voarohirohy tamin'ilay raharaha fanolanana tovolahikely tany Morondava.*

**Stefa**

ISSPM Toamasina

# Namoaka ny andiany faha-6 : MAMI

Tontosa ny herinandro teo, tao amin'ny Espace RAVAKA Cité Canada Toamasina, faritra Atsinanana, ny lanonana famoahana ofisialy ireo mpianatra miisa 17 mianadahy sage-femmes na mpampivelona, miisa 07 ary infirmières na mpitsabo manampy miisa 10, izay samy niofana nanaraka ny fenitra teknika tao amin'ny ISSPM: ivon-toeram-piofanana ho mpitsabo mpanampy sy mpampivelona ("ISSPM" "Institut Supérieur des Sciences Paramédicales de Madagascar). Ao Tanambao 5 Toamasina no misy ny foibeny eto Madagasikara, tantanan'ny taleny Dr Hary RANDRIAMAHEFASOA. Nomena ny anarana hoe "MAMI" ity andiany faha 6 ity. Maripahaizana Licence izao azon'izy ireo izao. Ray mpiahy azy ireo ny filohan'ny Oniversiten'i Toamasina Dr Diny Razanakolona, Solontenan'ny Faritra Atsinanana kosa tamin'izany ny Talen'ny Fitatanan-draharaha ankapobeny RAKOTOMANANA Jean Baptiste, notronin'ny avy amin'ny fiadidiana ny Tanànan'i Toamasina sy ny avy ao amin'ny foibem-paritra miadidy ny fahasalamana na ny Direction Régionale de la Santé publique. Tsiahivina fa efa avy nihazona izany maha talem-paritra izany ny Talen'ny ISSPM ity, ka voaantoka tsara ny traikefam-panabeazana sy fanofanana ataony. Teny filamatra: "Mitandro ny Aina Mandrakariva Izahay". Efa mivonona sahady amin'ny fidirana manaraka ny sekoly, tontosa tamin'io fotoana io koa ny famindrana fanion, na faneva, ho an' ny andiany manaraka.



*Mpiofana ao amin'ny ISSPM Toamasina.*

**Fanja Aina**

CAN Handball 2022 vehivavy

# Nanomboka omaly any Sénégal

Nanombola omaly alarobia 09 novambra 2022, tao amin'ny kianja «Palais des Sports de Diamniadio (Dakar Arena) » any Dakar Sénégal, ny CAN Handball « Coupe d'Afri-que des Nations de handball seniors dames 2022 » andiany faha-25. Haharitra 10 andro ny fifaninanana (9 - 19 novambra 2022) ka tamin'io omaly alarobia io dia efa niditra an-tsehatra nifaneharatra tamin'i Sénégal mpampiantrano ny ekipam-pirenena vehivavy Malagasy na ny Akio Sénior vehivavy. Ao amin'ny vondrona C miaraka amin'i Cameroun sy Côte d'Ivoi-re no misy an'i Magasikara sy Sénégal. Amin'ny zoma 11 novambra 2022 ho avy izao indry no hikatroka amin'i Cameroun ny Akio ary amin'ny talata 14 novambra 2022 no hifandona amin'i Côte d'Ivoire. Fantaro etoana ireo mpilalao Malagasy : « Gardiennes de but » : – Ade line Zarinah, – Myra Fernando, – Sandrine Mardaye, « Ailières Gau- che » : – Lovasoanirina Nicole Randrianarison,– Andonirina Leslie Aimée, « Arrières Gau-che » : – Gianne Andy Nirina Raveloson, – Hanitriniala Jen-ny Raoelimalala, « Demi-centre » : – Marylea Ratovomahenina, – Lala Miora Ranarison, – Anne Gaelle Randrianasolo, « Arrière Droite » : – Aina Rakotovao, « Ailières Droite » : – Annick Randrianasolo, – Flavia Rasoanirina, "Pivots" : – Elinah Chan- tiah Ranarisaona, – Judith Fenoarisoa, – Augustino Ramaroson. Ireo lalao rehetra natao omaly alarobia 09 novambra andro voalohany : Groupe B -10h : Maroc-Tunisie, -12h : Congo-Guinée Groupe C -14h : Cameroun-Côte d'Ivoire, -18h : Sénégal-Madagascar I Tilo Andriamiharinosy no mpanaza- tra azy ireo. Marihana fa firenena miisa 13 no mandray anjara amin'ity fifaninanana ity Groupe A : Angola, RD Congo, Cap Vert et Algérie. Groupe B : Tunisie, Congo, Guinée Conakry, Maroc et Egyp-te. Groupe C : Cameroun, Sénégal, Madagascar et Côte d'Ivoire.


*Ny Akio, ekipam-pirenena malagasy sénior vehivavy 2022.*

**Rainilita**

Fitaterana

# Mety hiasa eny Ivato ny zotra taksibe 114

Araka ny fanambarana nataon'ny ao amin'ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo, mety hiasa any ato ho ato ny zotram-pitaterana 114. Voalaza tamin'izany fa:"ampy izay ny fampijalin'ny taxibe ny vahoakan'Ivato. Mihàtra ny sazy manomboka izao. Hiditra hiasa eto Ivato ny 114 miala any Analakely, Andranomena, Ambohibao, Talatamaty, Mandrosoa, Ivato. Efa nahazo fankatoavana tamin'ny minisiteran'ny fitaterana ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa, mahakasika izay fampidirana ny zotra 114 hiasa eny andrefan'Iarivo izay."

Fihodinana an-dalana, tsy fanajana mpandeha, fandikana ny cahier de charge, tsy maty manota, ireo no anisan'ny fampijaliana mpanjifa ataon'ny taxibe sasany eny an-toerana.

**Stefa**

Mpanakanto Dedesse

# Nalevina any Ambohibory Anivorano Avaratra

Omaly no nanatanterahana ny fandevenana ny nofo mangatsiakan'ny mpanakanto Bezara Ernest na Dedesse, tany amin'ny fasan-drazany any Ambohibory Anivorano Avaratra distrikan'Antsiranana faharoa any amin'ny faritra Diana. Nampihetsipo ny rehetra ny fanaovam-beloma farany azy tany an-toerana. Anisan'ny niatrika izany, ireo mpanakanto maro avy any amin'iny tapany avaratr'i Madagasikara iny, noho ny soa vitany tamin'ny zava-kanto tany an-toerana, sy teto amin'ny firenena mihitsy. Raha tsiahivina, ny alahady teo no namoy ny ainy tany Diego i Dedesse teo amin'ny faha-71 taonany, noho ny aretina izay nahazo azy dia ny aretina diabeta. Maro ireo hirany nalaza tamin'ny fotoan'androny toy ny:"Samia mamisavisa, Malakilaky,… " Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany, sy ny fianakaviamben'ny zava-kanto, mandria am-piadanana Zokibe Dedesse!

**Niaina**


*Ny mpanakanto Dedesse fahavelony.*

Filoha vaovaon'ny Malagasy Rugby

# Mbola Rakotomalala Marcel no lany

Tontosa tany Mangily Toliara faritra Atsimo Andrefana tamin'ny talata 08 novambra 2022 lasa teo, ny fifidianana ny ho filoha vaovaon'ny Federasiôn'ny taranja Rugby Malagasy, na Malagasy Rugby, ka lany tamin'izany fanintelony Andriamatoa Rakotomalala Marcel hany kandidà tokana. Tamin'ny alatsinainy 07 novambra 2022 teo no natao voalohany ity fifidianana ity, saingy tsy tanteraka noho ny tsy nahatrarana ny "quorum 2/3" tamin'ny (AGE) natao ary io voatery naverina ny talata io. Tsy tonga tany Toliara ny ligin'Analamanga, Menabe, Atsinanana ary Diana. Ny Sekretera Jeneralin'ny "Comité Olympique Malagasy" no filoha nitarika ny CENI rugby nanatanteraka an'izany fifidianana izany ary mazava loatra, fa nitsena sy nankahery an'Andriamatoa Rakotomalala Marcel tany Toliara ny filohan'ny COM, Andrianasoloniaiko Siteny amin'ny maha mpikambana ao amin'ny COM an'ity kandidà ity.

**Rainilita**


*Ny filohan'ny COM nitsena an-dRakotomalala Marcel tany Toliara.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 05/11/2022 hatramin'ny 12/11/2022**

- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1365-11-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MPANJONO ANY BETANIA MORONDAVA

# Mitaraina noho ny ataon'ireo mpanjono sinoa tsy ara-dalàna

Mitaraina ireo mpanjono madinika any Betania Morondava faritra Menabe, noho ny fizahozahoan'ireo mpanjono vahiny, indrindra fa ny sinoa. Misedra olana ireo Vezo mpanjono ao Betania, Morondava satria dia misy mpanjono sinoa izay tsy manara-dalàna manjono ao amin'ny fari-dranomasin'i Betania, ka mangorona ny hazandrano rehetra amin'ny fampiasana ireo harato goavambe, izay tsy manara-dalàna, ka mitaky ny fampitsaharana tsy misy hatak'andro an'ireo sinoa mpihaza ao anatin'ny ranomasin'i Betania ireo mponina amin'iny morontsiraka iny. Nisy ny fidinana ifotony izay nataon' ny fitaleavam-paritry ny jono sy ny toe-karena manga ato amin'ny faritra Menabe, izay niaraka tamin'ny mpanao gazety teto Morondava sy ireo solontenan'ny firaisamonim-pirenena avy ao amin' ny FIVE MENABE, nahitana ny Consortium des Jeunes Mahery, Observatoire de la Jeunesse sy ny CEU Menabe ary ny avy ao amin'ny tetikasa OBS, ka nitafa tamin'ireo mpanjono, izao no natao dia mba hiara-hijery ny fototry ny olana, ka hitadiavana vahaolana miaraka. Nafana dia nafana ny adihevitra, izay nandraisan'ny rehetra anjara, ary nalalaka tsara ny fanehoan-kevitra, nivoitra nandritr'izany, fa tsy marina ny feo niely izay nandeha tamin'ny radio vitsivitsy teto Morondava, fa nandray vola tamin'ireo sinoa ny talem-paritry ny jono sy ny toekarena manga ato Menabe ary efa niezaka nitatitra ny zavamisy amin'ny tompon'andraikitra rehetra ato Menabe izy ireo, saingy tsy nahazo valiny nahafa-po. Raha nanazava kosa ny talem-paritry ny ny jono sy ny toekarena manga dia nanambara, fa efa nandray andraikitra ary efa nisy ny dingana ny amin'ny fametrahana paikady ho amin'ny fiarovana ny fari-dranomasina, izay ihazan'ny mpanjono madinika, ary nohamafisiny hatrany, fa tsy fahefan'ny tompon'andraikitra aty amin'ny faritra mihitsy ny fanajanonana tsy misy hatak'andro an'ireo sinoa mpanjono ireo. Nilaza ny mpanaramaso ny jono ato Menabe, fa dia maro ny olana satria dia olona iray ihany no mpanaramaso ny jono ato Menabe ary ny fitaovana dia misy, saingy tsy ampy ny mpiasa, ka ny sambo izay naterin'ny minisitry ny jono dia mipetraka fotsiny satria tsy misy mpitondra ; ka hatreto aloha dia ny SOPEMO ihany no ara-dalàna sy mahazo mitrandraka ato Menabe, fa ireo Sinoa izany dia tsy ara-dalàna. Nanamafy ihany koa ireo solontenan'ny firaisamonim-pirenena, ny amin'ny hisian'ny serasera mirindra eo amin'ny fitaleavam-paritra sy ny mpihaza, mba hahafahana mifampizara vaovao sy mifampresaka anaty fifanajana, raha sendra misy tranga tsy araka ny tokony ho izy, ary manoloana ny tranga iray ity dia namafisina araka izany, fa ilaina ny fijerena hatrany ny lalàna mahakasika an'izay tranga misy. Na dia teo aza ny adi-hevitra somary nafana dia nilamina ihany ny raharaha ary nahita ny marimaritra iraisana ny rehetra, ka tapaka fa ho tohizana ny fametrahana ny paikady ho fiarovana ny fari-dranomasina izay hihazan'ireo mpihaza madinika dia ny fanaovana izany ho faritra harovana ary hanao tatitra miakatra any amin'ny ambaratonga ambony ny talem-paritra. Raha ny fototry ny olana no tsorina dia tsy fisian'ny fifampiresahana sy fifanatonana, koa entanina hatrany isika olom-pirenena, fa ny antompisian'ireny birao-panjakana ireny dia natao hatonin-tsika, fa tsy sanatria akory natao ambenan'ireo mpiasa ao, ka aoka isika tsy hisalasala hanatona ireny birao ireny rehefa misy olana sy fanazavana tiana ho fantatra ary raha mandefa fitarainana any koa isika dia zon-tsika, no manatona any manotany ny tohiny. Isan'ny nampitaraina ny vahoakan'i Betania koa ny solombavambahoaka izay efa nitarainan'izy ireo ary nandray ny fitarainany, saingy rehefa ao amin'ny fivoriana amin'ny Antenimierampirenena ny tenany dia tsy mitondra ny tarainany vahoaka nifidy azy, fa ny fitarainan'ny mpanakanto namany no manahirana azy, hoy ireo solontenam-pokonolona nandray fitenena. Tao aorian'izay, na dia efa hariva aza ny andro dia tsy nandalo fotsiny tao amin'ny orin'asa mpamokatra sambo sy vedette ny talemparitra, ka fantatry ny rehetra fa tsy misy fifandraisana amin'ity orin'asa ity ireo sinoa mpihaza sy mpividy vokatra eto Morondava.

*Rajepa*




*Ny fihaonana teo amin'ny tompon'andraikitra sy ireo mpanjono madinika any Betania Morondava.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 411**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0410)

**Mitsivalana**
- Mamolava
- Malala (miv)
- Tahy – Boa
- Nono
- Adinony
- Raiso (miv)
- Vohay – Ha

**Mitsangana**
- Matoa
- Ala – Dio
- Mahay
- Oly – Noa
- La – Nosy
- Ambony
- Haino (miv)
- Atao – ra

## TENY MIFANAPAKA N° 411




**Mitsivalana**

**1.** Famonjena, fanarenana **2.** Avaran-tanàna – Inona **3.** Teny fanandratana **4.** Hazo maro (BR) – Fianakaviana **5.** Sakafo – Tamy – Faran-teny (miv) **6.** Nikaroka (miv) – Gia **7.** Vahiny avy any Azia **8.** Marary saina (miv) – Hira (miv) **9.** Tampisaka – Nitetika **10.** Biby fiompy – Matoanteny

**Mitsangana**

**A.** Lalao fara-tampony **B.** Eny an-danitra eny (miv) – Foto-tenin'ny Ilaozana **D.** Tany kely (BR) – Mikarama mitady vola (miv) **E.** Fifanolanana (miv) **F.** Eritreriny **G.** Tsy tsaroana **H.** Solfa – Teny miangavy sy mandràra **I.** Fitaovam-pandrahoana (miv) – Marika (BR) **J.** Kianteny – Toeram-piasana **K.** Karazana valizy vita hazo na vy – Mbola tsara

### Valiny Teny mifanaraka 0410

**Mitsivalana**

**1.** Tsapaina **2.** Sar/y – Na – Ro **3.** E.V – Fy – Tsia **4.** Valo **5.** Anaranareo **6.** Adinony **7.** Mi – Tahotra **8.** Andao – Fa **9.** Rà – Zinga **10.** Mitoman

y**Mitsangana**

**A** Tsena – Maro **B.** Sav – Naina **D.** Ar – Vad(y) **E.** Faritany **F.** Anilanao **G.** Ia – Hono (miv) – Zo **H.** Mifona (miv) **I.** Soritana **J.** Ry – GN **K.** Voadonanay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Rainiilita

Ireo mpitarika ny Jeune TIM any Antsiranana, hivory ny alahady ho avy izao ao amin'ny Magro any Diego.





Nihaona ny kaominina Ivato sy ny orinasa Jirama, ho fanatsarana ny famatsiana rano ao amin'ity kaominina ity.





